WIKIPEDIA

Fiteny kopta

Ny **fiteny kopta** dia fiteny hamito-semitika avy amin'ny fiteny egiptiana tranainy izay avy amin'ny fiteny demotika sy grika tranainy. Izy no fiteny ampiasaina amin'ny fotoam-pivavahana ao amin'ny fiangonana kristiana ao Egipta atao hoe Kopta ihany koa. Avy amin'ny teny grika hoe Αἰγύπτιος / *Aigúptios* izay midika hoe "Egiptiana" ny teny koe *kopta*. miseho amin'ny endrika fitenim-paritra maro ny fiteny kopta ka isan'izany ny fitenim-paritra bohairika, ny sahidika, ny faiomika, ny oksirinkita (na egiptiana antenantenany), ny akmimika ary ny likopolitana (na sobakmimika). Ireo tahirin-tsoratra hita tao Nag Hammadi, ohatra, dia tamin'ny fiteny kopta sahidika tranainy.

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_kopta&oldid=971641"

Voaova farany tamin'ny 23 Jiona 2019 amin'ny 11:49 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.